Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 14/11/2020 hatramin'ny 21/11/2020

- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05

- **PROVIDENCE** (Andohan'Analakely près ex cinéma Rex) 020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42

- **RALISON** (Antanimena) 020 22 226 14/034 44 429 51

- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61

- **ANDOHATAPENAKA** (67ha sud Route FDC près station Galana) 020 22 670 70/034 02 670 70/032 12 670 70

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1093-11-2020
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ANMCC

Miaro ny famokarana anatin'ny fampiharana ny fepetra fanitsiana ara-barotra

Mitondra faisana ireo Indostria eto Madagasikara manoloana ny fisian'ny fifaninanana tsy ara-dalàna, sy ny fandikan-dalàna ara-barotra ary ny fanjakazakan'ny orin'asa avy any ivelany, amin'ny tsena anatiny. Notanterahina tetsy amin'ny Hotel Le Pavé Antaninarenina nanomboka ny alakamisy teo ny fifampidinihana andatabatra boribory nataon'ny mpisehatra amin' ny tontolon'ny Indostria: toy ny mpamokatra sy mpanafatra entana, ny mpanjifa vokatra, ny solontenam-panjakana mandrindra ny fepetra fanitsiana ara-barotra, ny Ministeran' ny Indostria sy ny varotra ary ny ANMCC (Autorité nationale chargés des mesures correctives commerciales). Nisy ny famelabelaran-kevitra maromaro nataon'ny mpiandraikitra eo anivon' ny Anmcc, ao anatin'izany ny fampahafantarana an'ireo dingana tokony hataon'ny Anmcc rehefa hanao fanadihadiana manoloana ny fitarainan'ireo Indostria eto an-toerana, eo ihany koa ny fomba fandraisan'ny ANMCC an'ireo fepetra manoloana ny fandikan-dalàna ara-barotra ataon'ny ANMCC, toy ny Mesure Anti-dumping, mesure compensatoire, mesure de sauvegarde. Ankoatra an'izany hita tao anatin'ny fifampidinihana ihany koa ny fampahafantarana an'ireo tombontsoa sy dingana vitan' i Madagasikara tao anatin'ny herintaona sy tapany nampiharana ny fepetra fanitsiana ara-barotra. Ary ny farany dia notanterahina nadritra ny fifampidinihana ny jery todika hametrahana ny ho avin'ny sehatra Indostria Malagasy amin'ny alalan'ny fandalanjalanjana ny famokarana eto an-toerana, sy ny fifaninanana ary ny fanafarana entana avy any ivelany. Ny tanjon'ny fifanakalozan-kevitra natao dia ho fiarovana ny sehatry ny famokarana anatiny sy fisorohana ny fahavoazan'ny Indostria eto an-toerana manoloana ny fanjakazakan' ireo orinasa avy any ivelany, mba hisian'ny fifaninanana ara-drariny eto Madagasikara. Nanomboka ny taona 2019, nampiharan'ny Anmcc ny fepetra ara-barotra mikasika ny vokatra vovo-tsavony sy ny bodofotsy ary ny paty atao sakafo dia niarina tsikelikely ny sehatry ny famokarana ary betsaka ireo Indostria vaovao nitsangana izay nanome asa ny olona. Mbola vokatra tsara azo tamin'ny fepetra ara-barotra ny fihenan' ny tahan'ny fampidirana vokatra avy any ivelany eto Madagasikara sy ny fiitomboan' ny fidiram-bola teo amin' ny haban-tseranana.

Ny avy amin'ny ANMCC, nitarika atrikasa tetsy Antaninarenina.

Franck Razakambelo

Voahary tsy manam-paharoa eto amintsika

Mihoapampana ny fandringanana ny ala, ny zavamaniry ary ireo biby hoy ny AVG

Niatrika fivoriambe fanao isan-taona ny vovonam-pirenena ivondronan'ireo mpisehatra amin'ny fiarovana ny tontolo iainana, Alliance Voahary Gasy, na AVG eto Madagasikara omaly tetsy Tsaralalana. Ny fahatsapan'izy ireo fa tsy mety ny mitazam-potsiny manoloana ny fandringanana mihoapampana ny ala sy ny zavamaniry ary ireo biby tsy manampaharoa noho ny savoritaky ny taona 2009, no nahatonga ireo Malagasy mpisehatra amin'ny fiarovana ny tontolo iainana, ho nifanatona haingana, ka nanangana ny AVG.

Feno 11 taona ny nijoroan'ity firaisamonim-pirenena, izay sarotiny amin'ny fiarovana sy ny fitantanana ny harena voajanahary eto Madagasikara. Nankalaza ny faha-10 taona nijoroany izy nanomboka tamin'ny taondasa, ary nitohy tamin'ity taona 2020 efa madiva hivalona ity izany.

Tsy tanteraka anefa ny ankamaroan'ny zava-kinasan'izy ireo amin'ny fiarovana ny tontolo iainana, noho ny antony nateraky ny fisian'ny valanaretina Covid-19. Maherin'ny 30 ny isan'ireo fikambanana mivondrona ao amin'ny AVG, ary misy hatrany ireo tonga manatevindaharana, ka ny fivoriambe no anapahan-kevitra amin'ny handraisana azy ireny na tsia.

Aly

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)
N° 327



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0326)

Mitsivalana
- Tranainy
- Ny – Fod/y
- Elatra
- Rora – Mod(y)
- Adala (miv) – (H)en(a)
- Nitafa
- Ala – Zo (miv)

Mitsangana
- Toerana
- Lol(o)
- Anarana
- Nitady
- Ota (miv)
- Mafy (miv) – Az
- No – Feo (miv)
- Mandidy (miv)

TENY MIFANARAKA N° 327



Mitsivalana

1. Foko **2.** Taova (miv) – Esotra **3.** Vovonana **4.** Avotanao, tsinjovinao **5.** Tsirin-teny – Antoko politika **6.** Vizana – Hazo maro – Kianteny (miv) **7.** Alamina, alahatra **8.** Petaho – Vongady **9.** Mampisafidy – Ino ? **10.** Misitrika

Mitsangana

A. Tomady – Tao **B.** Toeram-piasana **D.** Eo amin'ny rantsatànana – Aminy **E.** Antsibe maro loko (miv) – Tapaka **F.** Tany kely – Mpanondro toerana **G.** Areti-kibo (miv) **H.** Hasondrony **I.** Tsenabe (miv) – Nandeha any an-trano (miv) **J.** Mipetraka amin'ny tanàna **K.** Mitsilo sy manazava – Faran-teny

Valiny Teny mifanaraka 0326

Mitsivalana
1. Solitany 2. Olana - Ando 3. Aolanay - Ar 4. Ma - Davida 5. Abidy - Hazo (miv) 6. Nenina - (V)ata 7. Ela - Noho (miv) 8. Ro - No - Voay 9. Entanao 10. Taona - Voin(a)

Mitsangana
A Soa - Terena (miv) B. Olombelona D. Lalaina - To E. Ina - (Alaha)dy - Nan(a) F. Tandindona G. AA H. Naivo - Vovo (miv) I. In - Izaho J. Dadatoany K. Torahany